Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Sorena ny mponina noho ny tsy nisian'ny rano**

Fitondrana Rajoelina 3

**Izao vao mikoropaka fa variana tamin'ny kajikajy politika teo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 18 febroary 2023 Laharana 1403 Vidiny : **600 Ar**


Fanovana na tsia ny governemanta 3

**Tsy hampiova na inona na inona ny fahasahiranam-bahoaka**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Tsimbazaza sy Anosikely** 3

# Hametraka ny filoha lefitra faha-7 an'ny mpanohitra ny RMDM




**Amperin'asa sy misotro ronono** 2

# Hirohotra ao Antsahamanitra anio ny mpiasa rehetra





**Tsy milamina i Morarano Gara** 2

# Trano iray nisy nandoro, mpampianatra nisy naka an-keriny



**Rivodoza Freddy** 6

# Hiantraika any atsinanan'ny Nosy amin'ny herinandro ho avy




Transparency International Madagasikara 7

**Loza mitatao ho an'ny hazo sarobidy malagasy ny kolikoly**

Fitantanana ny harem-pirenena 7

**Azo atao ny miàla amin'ny ampihimamban'olom-bitsy hoy ny AFK**

Daka kely

Dia manantena anareo hitsoaka an'io sikilaonina io ny pokna ry Boaikely a !

AMPERIN'ASA SY MISOTRO RONONO

# Hirohotra ao Antsahamanitra anio ny mpiasa rehetra

Na amperin'asa, na misotro ronono, hirohotra ho ao Antsahamanitra anio ny mpiasa rehetra eto andrenivohitra. Misy amin'izao fotoana ny tsy fampiharan'ny fitondrana Rajoelina ny tombontsoa tokony ho azon'ny mpiasa eto amintsika, na ny amperin'asa io, na ho an'ireo zokiolona efa misotro ronono. Noho izay antony izay, no anisan'ny anton'izao hetsika izao, izay karakarain'ny SSM, Solidarité Syndicale de Madagasikara, na ny Firaisankinan'ny Sendika eto Madagasikara. Hampiseho ny tanjany ny mpiasa anio, ho fanatsarana ny sehatry ny asa sy ho fisitrahana ireo zony. Handinihana ihany koa izany




*Ho rakotra mpiasa Antsahamanitra anio.*

ireo olana ara-tsosialin'ny mpiasa rehetra, ankoatra ny fifampiarahabana tratra ny taonan'ny mpiasa. Mbola tsy tratra aoriana tokoa, na amin'izao tapaky ny volana febroary izao aza vao mifampiarahaba tratra ny Asaramanitra izay, aleo tara tokoa toy izay tsy misy. Hisokatra manomboka amin'ny 7 ora maraina ny varavarana hoy ny mpikarakara.

***Isambilo***

Antoko TIM Mahajanga

# Tsy diso anjara tamin'ny fifampiarahabana tratra ny Asaramanitra

Tsy diso anjara tamin'ny fifampiarahabana tratra ny Asaramanitry ny taombaovao koa, ny mpitarika avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any amin'ny renivohitry ny faritra Boeny. Nifampiarahaba tratra ny taona vaovao tao amin'ny Tiko Mahajanga Be izy ireo ny faran'ny herinandro teo. Tamin'izany no nanomezana azy ireo toromarika, ny amin'ny fanentanana hatrany ny olona feno taona, hiditra hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana. Ankoatra izany, ny fanetsehana ny fototry ny antoko ihany koa, ho amin'ny fiatrehana ny fifidianana filohampirenena ho avy, sy ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina, izay tokony



*Ny fifampiarahabana tratry ny taona, ho an'ny mpitarika ny antoko TIM tany Mahajanga.*

hatao amin'ity taona ity avokoa. Niray feo koa izy ireo, mangataka ny filoha Marc Ravalomanana, hirotsaka hofidiana amin'ny fifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity io.

***Niaina***

Tsy milamina i Morarano Gara

# Trano iray nisy nandoro, mpampianatra nisy naka an-keriny

Tena tsy milamina amin'izao fotoana ny any amin'ny kaominina Morarano Gara any amin'ny distrikan'i Moramanga, faritra Alaotra Mangoro. Omaly vao mangirandratsy, tokony tamin'ny roa ora maraina teo, trano iray: lakozia no nisy nandoro, soa ihany fa hita mialoha ny afo, ka tsy niitatra tamin'ny trano lehibe, tany amin'ny fokontany Ambohibarikely.



*Trano nisy nandoro tany Morarano Gara Moramanga.*

Ny nahagaga tamin'ity tranga ity, nisy alika tao amin'io toerana io, nefa tsy nivovo izany alika izany, midika fa olona tsy nivahiny tao amin'ity toerana ity no iantefan'ny ahiahy tamin'ny fandorana. Tany amin'ny fokontany Ambohidray, mpampianatra iray sy ny zanany, nisy naka an-keriny, nitaky vola 5 tapitrisa Ari reo mpaka an-keriny tamin'izany. Ny alatsinainy lasa teo, mpitana Mvola iray nisy nanafika tokony ho tamin'ny 12 ora alina, tao amin'ity fokontany Ambohidray ity ihany. Miantso ny tompon'andraikitra, hijery akaiky izao tsy fandriampahalemana izao ny any an-toerana.

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Sorena ny mponina noho ny tsy nisian'ny rano

Tsy rano, tsy jiro ny teny amin'ny Boriboritany faha-5 iny fa dia tapaka avokoa. Fokontany maro teny amin'ny Boriboritany faha-5 iny no sorena, tezitra noho ny rano sy jiro tsy mandeha. Jiro tapaka nanomboka tamin'ny 9ora maraina hatramin'ny mitaotao vovonana tany ho any, tsy afaka nanao ny asany ara-dalàna ny mpanao volo, ny cybercafé, ry zareo mpanao fahana batterie sy ny maro hafa,... ary efa nahatsikaritra ny rianaratra tapatapaka tamin'ireo onjam-peo sy radio samihafa. Ny rano dia efa matetika tapaka saika isan'andro, manomboka amin'ny 7 ora ka amin'ny 1ora 30 tolakandro vao mahazo kely. Lasa mifampindrana rano ny mpifanolo-bodirindrina, mba handrahoana sakafo, satria tsy misy ho enti-manana mihitsy ny momba izany toy ny teny Analamahitsy, Ambatobe, Androhibe, Amboditsiry sy ny manodidina iny. Nilaza ny rehetra fa rehefa hitaky vola ny Jirama dia maikamaika ery, nefa rehefa hanome soa dia tsy hita. Tsizarizary avokoa araka izany ny fiainam-bahoaka ka tokony ho jerena akaiky sao hamono manara-penitra, ka hodian-tsy fantatra sy hampihemotra antsika ho any amin'ny farany mihitsy, ho lasa tena faran'ny mahantra sy fadiranovana eran-tany ny Malagasy. Ny anton'izany rehetra izany moa dia ny tsy fahaiza-mitantan'izao fitondrana Rajoelina izao avokoa. Ny ministry ny angôvo izay misahana ny jiro, dia variana fotsiny mizara jiro, izay tokony ho asana mpivarotra sy mpiara-miombon'antoka; ny ministry ny rano, efa tsy nahomby tany amin'ny ministera hafa dia mbola io tsy mahomby any amin'ny rano io ihany koa ankehitriny. Mikorosy fahana, mikorosy fahana hatrany ny firenena, mijaly ny vahoaka.

***Beharo***

*TONONKALO*

## Fividianana sa fifidianana ?

Raha ny tranga ankehitriny no jerena sy tombanana:
Fividianana no hisy mialohan`ny fifidianana !
Ny mahamaika ny mpitondra : tsy ny fahoriam-bahoaka,
Fa ny hividy ireo mahantra amin`ny vary iray kapoaka !

Ampahantraina ny vahoaka mba ho tena faraidiny.
Amin`izay ho moramora ny mibaiko ny safidiny !
Vary miampy akanjokely volombolona voasary,
Dia efa mety hahavidy , ampiana lainga sy kabary !

Misy koa manampy trotraka, kandida miseho ho mpanana.
Mihevitra ny hamafy vola mialohan`ny fifidianana.
Ny traikefa sy fahaizany, tsy mankaiza velively.
Saingy mety ho ambony kosa noho ny an`i boaikely !

Vola, vola no hafafy mba hoentina mividy.
Izay no hany tetikady ho fambaboana ny mpifidy,
Ka dia asa izay hiseho fa vao aty am-panomanana,
Dia fividianana no re fa toa tsy hisy fifidianana !

***DADAN`i ZINA (16-02-23)***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Izao vao mikoropaka fa variana tamin'ny kajikajy politika teo

Misy hatrany tomponandraikitra eo anivon'ny fitondrana tsy mahatsapa hoe ny andrikiny tsy vitany, fa zavatra hafa indray no ifantohan'ny sainy. Hany ka tsy atao hahagaga raha tsy mandroso ny firenena, ary adino ny vahoaka. Tsy tsara toerana hanao resaka politika ary hanasohaso ny filohany ny tomponandraikitra eo anivon'ny minisiteran'ny mponina, ka hidehaka ho mpisehatra amin'izany. Iarahamahita sy miaina andro aman'alina ny manjo ny vahoaka malagasy amin'izao fotoana izao. Sahirana mafy sy fadiranovana tanteraka ny mponina noho ny fidangan'ny vidim-piainana, noho ny fahantrana lalina manjo azy. Toy ny tsy misy tomponandraikitra misahana ny mponina izany eto amin'ity firenena ity, fa miaina sy miady irery amin'ny fahoriany eo izy. Tsy mbola nahitana teny ireo tomponandraikitra ireo, niady ho an'ny tombontsoam-bahoaka, na tsy fijerena ny daholobe tsy an-kanavaka, tsy misy atao anjorombala. Tsy mbola nahenoina feo na fepetra noraisina niady ho amin'ny hahasoa sy hahatsara ny vahoaka malagasy io minisitera io tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao. Tsy misy politika hentitra sy mazava momba ny mponina ataon'izao fitondrana izao eto amin'ity firenena ity. Zary manara-drenirano fotsiny amin'ny zava-misy mitranga. Mitranga ny hanoanan'ny mponina amin'ny faritra iray dia mody miasa eo. Iharan'ny vokatry ny loza voajanahary ka traboina ilay mponina dia mody mitondra anjara biriky eo. Miseho izany fihetsika izany amin'ny karazana voina miseho amin'ny endrika samihafa, na ihany koa amin'ny fotoan-dehibe sy hetsika samihafa mahakasika ny mponina na ny vahoaka malagasy. Dia mijanona eo ny atao, fa tsy mba misy asa maharitra. Iaraha- mahita tsara anefa, fa maro ny sehatra tsy voajery, ary mihalangalana fotsiny ity minisitera misahana ny momba ny mponina ity. Anisan'izany, ny tsy fananan'asa sy asa fivelomana, ny momba ny politikan'ny mponina ankapobeny na eo amin'ny isany na ny fitombony, na ihany koa ny fivezivezeny noho ny antony samihafa. Ny momba ny fitsinjovana ny hahasoa sy hahatsara ny zaza sy ny tanora malagasy, izay ambara mandrakariva ho hoavin'ity firenena ity, tsy misy ary tsy hita soritra. Toy ny tsy andraikiny izany, ary tsy hita ho miady ho lohany amin'izany ny tomponandraikitra. Ny antony, variana amin'ny zavatra hafa, ary voalohany amin'izany ny resaka politika sy ny fanaovana kajikajy politika iarovana ny sezan'izao fitondrana Rajoelina izao, sy fiarovana tombontsoa manokana. Hany ka lasa an-tsirambina ny fiahiana momba ilay vahoaka. Dia izao vao mody mikoropaka amin'ny fijerena ny sosialim-bahoaka. Raha ny momba izany, "akoho tsy naneno hoatr'izay, efa lanin'ny kary". Tsy misy antenaina ho an'ny daholobe, ny vahoaka malagasy tsy an-kanavaka ny amin'izany.

***Sôh'son***

**Tsimbazaza sy Anosikely**

# Hametraka ny filoha lefitra faha-7 an'ny mpanohitra ny RMDM

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny QG ny TIM, Bel'Air Ampandrana omaly, ny rodoben'ny mpanohitra eto Madagasikara : RMDM, mikasika ny raharaham-pirenena . Nitarika izany ny filoha lefitra isany avy any Toliara sy Fianarantsoa, Pasitera Edouard Tsarahame sy Tabera Randriamanantsoa ary ny sekretera jeneraly Olga Ramalason. Voalohantenin'izy ireo tamin'izany ny fiarahabàna ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina, izay tonga soa eto an-tanindrazana indray. Ny RMDM dia tsy mitsahatra ny mitady vahaolana ho an'ny tanindrazana hoy izy ireo. Tsy mijanona amin'ny teboka iray ihany fa mitady ny vahaolana ahitan'ny vahoaka Malagasy ny anjara masoandrony . Koa noho izany, miezaka ny RMDM miresaka amin'ireo vondrona maro samihafa sy antoko politika amin'ny fotokevitra izay efa nijoroany hatramin'izay, mifanaraka sy mifampiresaka hitadiavana ny marimaritra iraisana ho tombontsoan'ny firenena, ka hametrahana ireo hambompo diso toerana, mba hijerena ny vahoaka maro an'isa . Koa mbola miantso ireo antoko na fikambanana hafa ny RMDM ahafahana manatanteraka izany, mba hitadiavana vahaolana ho an'ny tanindrazana . Teboka telo no tiana ho aroso ho an'izay te hiresaka amin'ny RMDM . Ilaina ny fikaonandohampirenena ho entina mamaha ny olana amin'ny fanatanterahana ny fifidianana ho avy. Hita fa manalasala ny fikarakarana ny fifidianana . Fifidianana madio mangarahara no tokony hatao eto . Zon'ny vahoaka Malagasy maro an'isa no mifidy , ka fifidianana tsy misy disadisa no atao eto amin'ity firenena malalantsika ity . Ny RMDM dia fatra-panaja lalàna fa tsy ohatra ny sasany . Misy lalàna izay tokony hametrahana ny filoha lefitra faha- 7 eny amin'ny Antenimierampirenena sy Antenimierandoholona : eny Tsimbazaza sy Anosikely, ka ho apetrakay eny amin'ireo andrim-panjakàna ireo io filoha lefitra io hoy izy ireo. Koa miandry ny mpitondra hanao ny didy fampiharana izahay hoy ny mpitondra tenin'ny RMDM ny Pasitera Edouard Tsarahame .



*Ny avy amin'ny RMDM teny Bel'Air omaly.*

**Helisoa**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Manovosoa R.**

# facebook NY VALO

## Fanovana na tsia ny governemanta

### Tsy hampiova na inona na inona ny fahasahiranam-bahoaka



**Arphine Rahelisoa Helisoa :** aza miasa saina amizany governemanta miova na tsia, fa tsy misy azo antenaina intsony eo na hiova im 10 aza io. Tsy hahavaha olana amin'ny fahasahiranam-bahoaka mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao.

**Lalahery Ranaivo :** efa tsy any intsony koa ny resaka e!

**Zacharie Rakotoarisoa :** ny manova filoha izao no maika.

**Antsa Andrianarilala :** sur mihitsy.

**Madagasikarako Taniko :** tsy ny governemanta rahateo no olana fa ny mpandoa-bary.

**William Randriamahaleo :** olana daholo na ny mpandoa-bary na ny mpitantana ka...

**Madagasikarako Taniko :** rehefa hentitra sy mahay ny mpandoa-bary dia hahay manisa mialoha ny olona tokony hihinana ny mpandrotsa- bary. Raha sanatria aza ka tsy ampy ny vary voarotsaka dia tsikaritry ny mpandoa-bary izany, ka na izy mampahandro vaovao indray na izy mitantana tsara ilay vary kely ka samy hahazo ny anjarany ny mpihinana rehetra. Fa nenin'lery tsotra ny azy noho ny tsy fahaizany (olona 5 ny mpihinana= 6 sotrobe no omeny, olona 4 ny mpihinana= 5 sotrobe no omeny). Ny zavadehibe aminy dia ny hoe omeko kadôany kely ireto dia faly , fa tsy tsapany hoe manao zaravilana izy.( Tokony hianatra any amin'i Jean Aime mpihira aloha).

**Gino Paul Bert :** efa hatr@ voalohany no efa tsy niasa saina ny @ ireo tsika an !

**Paulo Bama Jofa :** marina mitsy zany, na hiova injato aza io dia i kotozafy ihan no i lexis.

**Tooki Manevasou :** za koa alou tsy hanantena fiovana tsony fa aleoko miandry mpitondra vao2.

**Ne Andrianantenaina :** efa tsy any tsony lay olana. Efa tsisy antenaina tsony io fitondrana Rajoelina io, fa tongava saina daolo ry vahoaka.

**Donah Rasolomampionona:** fanovana filoha no tena vahaolana, na amin'ny alalan'ny fifidianana, na amin'ny fomba hafa.

**Bodo Bakoly :** LERA e!

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Andrianina A.**


FIHAONAMBEN'NY MPIASA SY
IREO EFA MISOTRO RONONO
KARAKARAIN'NY S.S.M.
S.S.M
FIFAMPIARAHABANA NOHO
NY TAONA VAOVAO 2023
HANDINIHANA IREO OLANA
ARA-TSOSIALIN'NY MPIASA REHETRA
Sabotsy
18 feb 2023
@ 9 ora
MARAINA
TOERANA : KIANJA
ANTSAHAMANITRA
Mivoha @ 7 ora ny vavahady
INFOLINE : 034 74 595 87 - 034 39 394 58
TONGAVA MARO !

## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Mifalia mandrakariva."*

***I Tesaloniana 5:16***

**Barea Chan 2023**

# Nitombo ny "Prime " azon'izy ireo

Mbola tsy nitsahatra teny lavoloha ny "Prime" azon'ireo mpilalao sy "Staff technique", tao amin'ny Barea Chan 2023, fa nanolotra ny "Prime de performances" izay efa nampanantenain'izy ireo ihany koa ny FMF, notarihan'ny Sekretera jeneraly ao aminy tamin'ny alakamisy 16 febroary lasa teo teny Isoraka. Marihina fa teti-bola manokan'ny Federasiona no nomena azy ireo, izay mitentina 150 tapitrisa ariary io natolotra io . Mbola nitombo indray araka izany ny "Prime" azon'ireo mpilalaon'ny Barea Chan 2023 ireto, noho ny zava-bitan'izy ireo tany Algérie farany teo.

***Rainilita***




*Barea Chan 2023 teny amin'ny FMF Isoraka.*

**"Basket – Tournoi Mayotte-Gnbc-Cospn"**

# Lavon'i Mayotte ny "Sélection Gnvb/Cospn"

Raha nanomboka tamin'ny 02 febroary 2023 teo dia nifarana tamin'ny alarobia 15 febroary 2023, tetsy amin'ny Palais des Sports Mahamasina, ny hetsika "Tounoi de basket International Mayotte-Gnbc-Cospn", ka ny fihaonan'ny Sélection Mayotte sy ny Sélection Gnvb/Cospn, no namaranana an'izany tamin'io andro io. Ny vokatra azo dia lavon'i Mayotte tamin'ny isa 75 à 73 ny "Sélection Gnvb/Cospn" . Nialohan'io lalao io kosa tamin'ny talata 14 febroary 2023 teo dia tsy afa-bela tamin'ny ekipan'ny Gnbc Madagasikara ny ekipa voafantin'i Mayotte teo amin'ny lalao miverina nifanandrinan'izy ireo, ka nahazoana ny vokatra : Mayotte 62-67 GNBC (QT1: 22-11, QT2: 12-18, QT3: 15-15, QT4: 13-23). Marihana fa nisy mpitsara basikety Mahorais niara-nifarimbona tamin'ny mpitsara basikety Malagasy nanatanteraka an'ity "Tounoi" ity .



*Ireo mpitsara basikety tetsy Mahamasina.*

***Rainilita***

**Orange Pro-League 2022-2023"**

# Andro faha-6 anio sy rahampitso

Miditra amin'ny andro faha-6 anio sabotsy 18 sy rahampitso alahady 19 febroary 2023, ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro-League 2022-2023". Fandaharan-dalao: « Conférence Sud » samy hanomboka amin'ny 14:30 avokoa sabotsy 18 febroary 2023 -Disciples Fc # Jet Kintana (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"). Alahady 19 febroary 2023 -Zanakala Fc # Cffa (kianja « Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa »), -Dato Fc # 3Fb Toliara (kinja « Stade senthétique Manakara », -Elgeco Plus # Mama Fc Ilakaka (kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass"). « Conférence Nord » samy hanomboka amin'ny 14:30 ihany koa sabotsy 18 febroary 2023 -Ajesaia # Tia Kitra Fc (kianja « Stade senthétique Ambohidratrimo »), Alahady 19 february 2023 -Cosfa # As Fanalamanga (kianja "Stade senthétique Mahitsy"), -Uscafoot # Fosa Juniors Fc (kianja « Stade Municipal Alarobia »), -Tffc # Asa Diana (kianja « Stade senthétique Ambohidratrimo »).



*Lalao Orange Pro-League.*

***Rainilita***

**Baolina kitram-behivavy**

# Hiditra amin'ny andro faharoa anio ny Turnover andiany II

Hiditra amin'ny andro faharoa anio sabotsy 18 febroary 2023, ny fifaninanana baolina kitram-behivavy Turnover andiany faha-2, izay ho tontosaina hatrany etsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina. Fandaharan-dalao : 9:30-Ium # Fac Sciences 10:15-Espa # Fdsp 11:00-Umagis # Ists 11:45-Fsh Ucm # Ift 13:30-Usm # Ium 14:15-Fdsp # Meff 15:00-Fac Sciences # Fss Ucm 15:45-Isfps Leader # Espa.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy korzety sy karaoty indray, laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa, na hatao rony izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafana natoraly ho an'ny olona mitohana

Fanafana natoraly ho an'ny olona mitohana na constipé (tsy mi-kaka na tsy manger). Ny jus atao: paoma + karaoty + laisoa. Mixer- na ireo dia hasiana rano kely, tsy hasiana siramamy na tantely. Io jus io no sotroina hanala ny fitohanana .



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Mananara Nord distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Mananara Nord distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'i Mananara Avaratra ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 12 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalampirenena faha-5 mihazo an'i Maroantsetra i Mananara Avaratra. Manana seranam-piaramanidina sy seranan-tsambo madinidinika koa izy. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny lavanila, ny kafe. Mpanjono koa ny olona any.



MPILATSAKA AN-TSITRAPO AMERIKANA

# Hanohana ny fahasalamana eny ifotony ireo Peace Corps vao tonga

Tonga eto Madagasikara afak'omaly, ny mpilatsaka an-tsitrapo miisa 23 avy amin'ny Peace Corps amerikana, izay miezaka mamerina ny fandaharanasany taorian'ny fampodiana ireo mpilatsaka an-tsitrapo maneran-tany ny taona 2020 nohon'ny valanaretina Covid-19. Nitsena azy ireo teny amin'ny seranam-piaramanidina ny Talen'ny Peace Corps eto Madagasikara, Brett Coleman, sy ireo mpiasan'ny Peace Corps hafa, anisan'izanyi Amanda Martin, Talen'ny Fandaharanasa sy ny Fampiofanana, sy i Tovo Ghislain Ravelonjatovo, Talen'ny Fandaharanasa momba ny fahasalamana, izay hiasan'ireto mpilatsaka an-tsitrapo vao tonga ireto. Hiatrika fiofanana momba ny teny sy ny kolontsaina mandritra ny roa ambin'ny folo herinandro ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo, mialohan'ny hiparitahany any amin'ny toerana hanatanterahany ny asany;



*Ireo avy amin'ny Peace Corps Amerikana vao tonga eto amintsika.*

hiasa mandritra ny roa taona izy ireo, hampiroborobo ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza ary koa hanohana ireo tetikasa momba ny rano sy ny fahadiovana ary ny fidiovana.

Nomarihin'Andriamatoa Coleman, Talen'ny Peace Corps eto Madagasikara hatramin'ny taona 2019, fa ny fahatongavan'izy ireo dia midika fa hiasa tsy ho ela eo amin'ireo sehatra telo tohanan'ny Peace Corps eto an-toerana ireo mpilatsaka an-tsitrapo. Ireo sehatra ireo dia ahitana ny fanabeazana sy ny fambolena ary ny fahasalamana. "Sambany taorian'ny fampodiana ny taona 2020, no hanana mpilatsaka an-tsitrapo hiasa eo amin'ireo sehatra telo rehetra ireo izahay. Faly tokoa izahay hanavao ny fiaraha-miasanay amin'ireo vondrompiarahamonina izay iasan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo ireo", hoy i Coleman.

Mpilatsaka an-tsitrapo miisa 35 vaovao indray, no ho tonga eto Madagasikara ny volana septambra 2023, hanohana ireo tetikasam-pambolena eto an-toerana, anisan'izany ny fambolena legioma mifandraika amin'ny toetr'andro hiadiana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Ny Peace Corps dia mikasa hanatratra indray ho 150 ny isan'ireo mpilatsaka an-tsitrapo am-perinasa eto Madagasikara toy ny talohan'ny valanaretina Covid-19.

Tamin'ny taona 1961 no noforonin'ny Filoha Amerikana John F. Kennedy ny Peace Corps. Hatramin'ny fotoana nijoroany, ny Peace Corps dia nifantoka hatrany tamin'ny fampiboroboana ny fandriampahalemana maneran-tany sy ny fihavanana ary tsy nivoana tamin'izany. Hatramin'ny taona 1961 dia mihoatra ny 241000 ireo mpilatsaka an-tsitrapo niasa tamin'ny firenena 141 ka ny 1595 tamin'ireo dia niasa teto Madagasikara. Hankalaza ny faha telopolo taonany ny Peace Corps Madagasikara ny volana novambra 2023.

**Aly**

Lalaon'ny Nosy 2023

# Atleta Malagasy 29 lasa niofana any Chine

Atleta Malagasy 29 amin'ireo 45 nantsoina, no lasa niofana any Chine, hanomana ny lalaon'ny Nosy andiany faha-11 izay tokony ho tanterahina eto Madagasikara amin'ity 2023 ity. Mpanazatra iray avy amin'ireo taranja ireo sy tompon'andraikitra ara-taratasy 1 no niaraka amin'izy ireo. Nanainga tamin'ny alakamisy 16 febroary 2023 ireo andiany voalohany ireto. Fantatra fa amin'io herinandro ho avy io kosa no hanainga ireo delegasiôna manaraka. Marihana fa Atleta miisa 45 sy mpanazatra 4 ary tompon'andraikitra ara-taratasy 2 avy amin'ny taranja Atletisma, Badminton, Haltérophilie ary ny Tennis de Table, ireo ao anatin'ny delegasiôna rehetra ho any Chine, izay nahazo fampitaovana nahitana fanamiana isan-karazany ("tennis "sac de voyage, sacs à dos"). Haharitra efa-bolana ny fampivondronana sy fampiofanana, izay fiaraha-miasa amin'ny Governemanta Sinoa.

**Rainilita**




*Atleta Malagasy nanainga teny Ivato.*

Rivodoza Freddy

# Hiantraika any atsinanan'ny Nosy amin'ny herinandro ho avy

Hisy fiantraikany any amin'ny atsinanan'ny Nosy hanomboka amin'ny herinandro ho avy io ny rivodoza Freddy, izay mbola ao amin'ny Ranomasimbe Indiana amin'izao fotoana. Araka ny vinavinan'ny sampana mpamantatra ny toetr'andro eto amintsika, amin'ity herinandro ity: ny13 - 19 Febroary 2023 dia tsy misy ahiana ny hisian'ny rivodoza mety hahakasika an'i Madagasikara. Amin'ny herinandro manaraka kosa: 20 - 26 Febroary 2023 dia tokony harahimaso akaiky ny fivoaran'i Freddy, satria ahiana mafyt izy hahakasika ny distrikan'i Sainte Marie, Soanierana Ivongo, Fenoarivo atsinanana, Vavatenina, Toamasina, Vohibinany, Vatomandry, Mahanoro, Nosy Varika sy




Mananjary. Mizotra manohy ny diany miankandrefana somary Atsimo Andrefana izy amin'izao fotoana. Hanomboka ny talata ho avy izao dia hisy fiantraikany amin'ny morontsiraka Atsinanana iray manontolo ny fanatonan'ity rivodoza ity. Mety hiditra eto Madagasikara izy, ka mety eo anelanelan'i Sainte Marie sy Mananjary no toerana hidirany! Mila mailo sy mitandrina tsara ary mila manaraka ny vaovao akaiky zany ny mponina amin'ireo faritra ireo!

Hamakivaky antsika izy ka tombanana hivoaka andranomasina indray any amin'ny lakandranon'i Mozambika!

Mahery vaika ity rivodoza ity ka raha toa ratsy ny fiomanana dia mety hamela takaitra maro izy!

Tsy tokony hampiasa ranomasina intsony ny morontsiraka Atsinanana manomboka ny Alatsinainy! Torak'izany ihany koa manomboka eo Morombe hatrany taolagnaro!

**Stefa**

Mpanazatra basket-ball

# Hifarana rahampitso any Manakara ny fanofanana Young Coach

Tontosaina any Manakara nanomboka tamin'ny alatsinainy 13 febroary 2023, ka hifarana rahampitso alahady 19 febroary 2023, ny fanofanana ho Mpanazatra Basket-ball, ho an'ireo Sokajy "Young Coach", izay nokarakarain'ny CEBB "Conseil des Entraineurs de Basketball" tarihan'ny filohany, Rajonson Arnaud Francky, niarahany niasa tamin'ny Ligim-paritra Basket-ball Fitovinany. Ny Tale Teknika Nasiônaly sady " Instructeur FIBA ", Razafiarivony Solofohery Angelot, sy Rakotoarimanana Solofonary, izay "Instructeur" ihany koa, no nitarika ny fiofanana. Nahatratra 21 ireo Mpanazatra manaraka an'ity fiofanana "Young Coach" ity, ka 18 dia lehilahy ary 3 ny Vehivavy, izay avy amin'ny ligim-paritr'i Fitovinany sy Atsimo Atsinanana ary Matsiatra Ambony. Hisy ny fanolorana mari-pahaizana ho an'ireo mpiofana aorian'ny tombana hatao rahampitso alahady, amin'ny fiafaran'ny fiofanana.

**Rainilita**



*Fiofanana mpanazatra Young Coach tany Manakara.*

Championnat de Rugby XXL Energy Top20, 2023

# Anisan'ny hiakatra kianja eny amin'ny Makis ny FTM Manjakaray



*Ftm teny amin'ny Makis Andohatapenaka.*

Hafana dia hafana ny fanombohan'ny fifaninanana rugby «Championnat de Rugby XXL Energy Top20, 2023 », eny amin'ny kianja Makis eny Andohatapenaka, rahampitso alahady 19 febroary 2023. Anisan'ireo ekipa hiakatra kianja amin'izany ny FTM Manjakaray, izay hifampitana amin'ny Cosfa Miaramila eo amin'ny hetsika « Super Coupe 2022 ». Ireo fandaharan-dalao feno : 09 :00- XV Avenir # Makis A, 11:00-Us Ikopa # Makis B, 13 :00-Tam Anosibe # Scb Besarety ("match test"), 15:00-Cosfa Miaramila # Ftm Manjakaray ("Super Coupe 2022".

**Rainilita**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsiry R.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 04/02/2023 hatramin'ny 11/02/2023**

- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1403-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**TRANSPARENCY INTERNATIONAL MADAGASIKARA**

# Loza mitatao ho an'ny hazo sarobidy malagasy ny kolikoly



*Ireo anisan'ny nampahafantatra ny vokatry ny fanadihadiana momba ny ady amin'ny kolikoly, eo amin'ny sehatry ny fiarovana ny hazo sarobidy eto amintsika.*

Loza mitatao ho an'ny hazo sarobidy eto Madagasikara ny kolikoly, araka ny fanadihadiana nataon'ny TI-MG, na ny Transparency International Initiative Madagasikara. Maneho ny ambana sy ny fanamby ho an'ny faritra Menabe ny fikarohana nataon'ny TI-MG mahakasika izany.
Nanolotra ny vokatry ny famakafakana, momba ny lalàna sy ny famantarana ny karazana kolikoly, manambana ny sehatry ny hazo sarobidy any amin' ny faritra Menabe ny fikambanana Transparency International – Initiative Madagascar (TI-MG) afak' omaly. Iray amin'ireo loza mitatao lehibe indrindra eo amin'ny ala voajanahary eto amin'ny firenena ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny hazo sarobidy. Namantatra ireo ambana kolikoly isan-karazany eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny hazo sarobidy ity fanadihadiana ity. Anisan'ny ambana kolikoly hita eo amin'io sehatra io ny fanararaotana fahefantarana olona, ny fanararaotam-pahefana, ny tsolotra ary ny « kolikoly manome sy mandray ».
Ity asa fikarohana ity ihany koa dia nijery sy nandinika ireo lalàna manankery mifehy ny sehatry ny hazo sarobidy eto Madagasikara. Na dia eo aza ny hamaroan'ny lalàna eo amin'io sehatra io, dia betsaka ny tsy fahatomombanana sy lesoka hita. Misy elanelana goavana eo amin'ny lalàna voasoratra sy ny fampiharana azy, manjary misy fiantraikany ara-toe-karena ihany koa ohatra : ny lalàna mandrara ny fanapahana hazo, ary miteraka olana ihany koa ny fanasokajiana ny hazovola.
Ao anatin'ny tetikasa antsoina hoe « Ady amin'ny kolikoly sy fitrandrahana tsy ara-dalàna ny harena voajanahary» tohanan'ny USAID na ny Rafitra Amerikanina misahana ny fampandrosoana iraisampirenena, ary iarahan'ny WWF, ny TRAFFIC International, ny Alliance Voahary Gasy (AVG) ary ny TI-MG misalahy, no nanatanterahana ity fikarohana ity. Ny tanjona dia ny hampihenana ny kolikoly eo amin'ny sehatry ny harena voajanahary, mba hanatsarana ny vokatra azo amin'ny fiarovana sy ny fiantraikany amin'ny sehatry ny hazo sarobidy sy ny harena voajanahary.

***Aly***

Fitantanana ny harem-pirenena

# Azo atao ny miàla amin'ny ampihimamban'olom-bitsy hoy ny AFK


Ambara mandrakariva sy iaraha-mahafantatra, fa manan-karena ity Nosy ity amin'ireo fananany harena marobe isan-karazany. Tsy misitraka izany anefa ny sarambabem-bahoaka, fa misy olom-bitsy, teratany sy vahiny, mibodo na manao ampihimamba izany. Efa aman-taonany ireo olona ireo no nifehy sy nanao izay hangoronana ny harena eto. Ho hatraiza izay fandrobana sy fibodoana ny harenan'ny firenena izay, mandra-pahoviana? Ary efa ho ritra ve ireo harena ireo vao ho tonga saina ny vahoaka Malagasy, ka izay vao hanapa-kevitra ny hiray hina, ka handray andraikitra momba ny amin'ity firenena ity? Tsy lavina, fa ny resaka fifidianana no anisan'ny iray hisehoan'ny fandraisana andraikitra eto amin'ny firenena, ary tokony mihitsy hiezaka ho amin'izany, handray anjara ny olom-pirenena. Io no hany lalana na fomba iray hanovana izany zotran'ny firenena igalabonan'ny sasany na olom-bitsy amin'ny harena izany. Misy mivoy hatrany amin'izao fotoana izao, fa efa mety izao lalana hizoran'ny firenena izao, ary mila tohizana. Lainga sy fitaka bevava atao amin'ny vahoaka anefa izany, iaraha-mahita sy miaina tsara ny zava-misy. Tsy misy finiavana ny hizara ny tombontsoa amin'ireo harenan'ny firenena ireo amin'ny sarambabembahoaka tsy an-kanavaka ny mpitondra, sy ireo manam-pahefana isan-tsokajiny.
Raha handeha lavitra sy hasandratra marina ity firenena ity, tsy maintsy jerena ny anjara hitsin'ny vahoaka, fa tsy avela hiady irery amin'izay ivelomany eo izy. Mila mazava ny fitantanan-karena sy ny fitsinjarana izany, mba hipaka marina any amin'ny vahoaka ny fisitrahana ny harenan'ny firenena. Manana ny lalana sy fomba mazava ho amin'izany ny AFK. Ity Vovonana Kristiana iray ity, dia nandrakitra ho boky ny amin'izany. Izany hoe, harena be ho an'ity firenena ity ny famokarana izany boky izany, kanefa mbola be ny malagasy tsy mahalala azy. Misy fito be izao ireo boky navoakan'ny AFK, hitondrana fanazavana amin'ny antsipiriany ny lalana sy fomba mahomby hanarenana sy hampandrosoana ary hanandratana ity firenena ity. Voarakitra ao anatin'izany ny amin'ny fitantanana marina ny harem-pirenena, izay tokony hositrahan'ny vahoaka malagasy manontolo tsy an-kanavaka, fa tsy an'olombitsy ihany toy izay taona maro izay. Azo atao tsara ny manao ny dinidinika momba izany ao anatin'ny varavarana misokatra hotanterahan'ny AFK ny Alarobia 8 Martsa ho avy izao. Laharana ifandraisana ny 0341746053.

**Aris**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 423**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0422)


***Mitsivalana***

- Manakana
- Ela- In
- Ianareo
- Arina - TD
- Satana
- Osa (miv) - (L)afo
- Tay - Ome

***Mitsangana***

- Mpiasa
- Tsara (miv)
- Nenitoa
- Alàna
- Karana
- Afo
- Niot(y) - OM
- An(a) - Do

## TENY MIFANAPAKA N° 423




**Mitsivalana**

**1.** Toerana tsy lavitra **2.** Tamy - Vahoaka **3.** Mifanao aloha sy aoriana **4.** Tetika - Hekitara (miv) **5.** Mampisafidy - Rano raraka (miv) **6.** Nitsofoka - Maneho fitoviana **7.** Tsy mitovy - Banky malaza **8.** Alina **9.** Enti-milaza - Ao amin'ny Baiboly - Kanto **10.** Sakoroka - Asa tànana fanao lafika

**Mitsangana**

**A.** Mampilaza **B.** Miantso - Tovona **D.** Niova toerana, fonenana **E.** Tsy lavitra azy **F.** Kapoka - Haja sy voninahitra **G.** Tia, iry - Nifoha, niharina tampoka (miv) **H.** Arehitra **I.** Tsirin-teny Iharana - Fitaovam-piadiana **J.** Nasondrotra (BR) - Ohatra **K.** Avadikay tanteraka

### Valiny Teny mifanaraka 0422

**Mitsivalana**

**1.** Fanolanana **2.** Iza - Ovy - Vy (miv) **3.** Aina - Ianao **4.** Varira **5.** Aomby - Kapa (miv) **6.** Noely - Haka **7.** Asaly (miv) **8.** Ndao - Ino **9.** (S)aina - Sakay **10.** AA - Fy - Asa

**Mitsangana**

**A** Fiadanana **B.** Azy - Dia **D.** Nanomezana **E.** BL- Ao (miv) **F.** Lo - VIII **G.** Avia - Lisy **H.** Hiiarahana **I.** Nipasoka **J.** Niaraka - As **K.** Avoaka - Tia

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny avy amin'ny RMDM nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air omaly.









TIAKO I MADAGASIKARA
20 TAONA
2002-2022

FIFAMPIARAHABANA TRATRY NY TAONA 2023

Tiako i Madagasikara
Commune TALATAMATY

19 ALAHADY FEBROARY

01 ORA SY SASANY ATOANDRO

SOA VILLAGE
FARALAZA TALATAMATY